



INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,
Leadership et Stabilité



FAMINTINANA IREO AKOM-BAOVAO NANDRITRA NY HERINANDRO TETO ANTANANARIVO SY TANY AMIN'NY FARITRA 16 – 22 SEPTAMBRA 2015

Ity tatitra ity dia famintinana amin'ny teny malagasy ireo tsara ho marihina mikasika ny fomba iresahan'ireo mpanao gazety any amin'ny faritra ireo vaovao nanamarika ny herinandro. Natao indrindra izany mba hahafahana mamantatra raha anisan'ireo izay mikendry ny fametrahana ny fampihavanana na kosa amin'ireo izay mandrangitra fikorontanana ny mpanao gazety, ka amin'ny alalan'ny fomba fiteniny sy ny fomba fiasany no amaritana izany. Ity tatitra ity ihany koa dia manampy amin'ny fanarahana akaiky ireo endrika korontana samihafa manerana ny nosy taterin'ny haino vaky jery.

VAOVAO NISONGADINA

FANAMBARANA NY VOKATRA RAIKITRY NY FIFIDIANANA KAOMINALY

Ny haino aman-jery ao an-drenivohitra sy any amin'ny faritra dia mitatitra avokoa ny fanambarana ny vokatra ofisialin'ny fifidianana kaominaly tamin'ny 31 jolay 2015. Fantatra ny anaran'ireo ben'ny tanàna vao voafidy. Raha any amin'ny ankabeazan'ny faritra, ny datin'ny fanambarana dia nohajaina, izany hoe ny 18 septambra. Nisy ihany anefa ny fahatarana, indrindra tany amin'ny faritanin'i Toliary.

Betsaka ny haino aman-jery eo an-toerana no mampita ny lanonana fanambarana ny vokatra ofisialin'ny fifidianana kaominaly efa nandrasana ela, izay natao ny 18 septambra 2015. Ny **RTV SOAFIA**, **RFONE** ary ny **Radio TSIRY** ao Fianarantsoa dia anisan'izany ; tany Toamasina, ny **FMA TV** dia namelabelatra antsakany sy andavany ny lanonana fanambarana, ny **RNA** kosa dia nilaza lalindalina kokoa ny vaovao ; tany Mahajanga, ny **VIVA TV** dia nampita mivantana indray ny lanonana fanambarana ny vokatra ofisialy ary tany Antsiranana, ny vaovaon'ny **TV VARATRAZA** tamin'ny 18 septambra dia manodidina ny fanolorana ny ben'ny tanàna vao voafidy tany amin'ireo kaominina ao amin'ny faritra Diana nataon'ny fitsarana misahana ny ady ifanaovana amin'ny Fanjakana. Nihemotra kosa ny datin'ny fanambarana tao amin'ny faritanin'i Toliary, raha ny nambaran'ny **Radio SITENY** satria tera-bao ny filohan'ny fitsarana misahana ny ady ifanaovana amin'ny Fanjakana. Ny 22 septambra izany vao natao, ary ny kandidan'ny antoko HVM no nandresy. Ny **TV PLUS** no nitantara ny zava-nitranga.

Tao an-drenivohitra, ny haino aman-jery **TVM** sy **RNM** dia nanasongadina malalaka ny fitantarana ny lanonana samihafa fanambarana ny vokatra raikitra ny fifidianana kaominaly. Ny **TV PLUS** dia namoaka amin'ny antsipiriany ny vaovao tamin'ny alàlan'ny fanomezana isa ny vokatra nandritra ny filazam-baovaony. Ny haino aman-jery dia niantso mpahay politika mba hanadihady ny vaovao momba ny vokatra. Ny **Radio ANTSIVA** dia manahy ny hisian'ny krizy aorian'ny fifidianana, ary milaza ny vaovao mikasika ny vokatra ny fifidianana amin-tebiteby fatratra. “Ireo ben'ny tanàna vaovao ireo ve hahavita ny fanamby lehibe izay miandry azy ireo?” Ny filohan'ny antoko AKFM dia nanamafy ny hisian'ny fitroatran'ny mponina tao amin'ny fandraisam-peon'ny haino aman-jery. Ny **VIVA** dia miombon-kevitra amin'izany amin'ny alàlan'ny fanamafisana ny disadisa, ary mampitodika ny fanadihadiam-baovaony amin'ny fanapahan-kevitra noraisin'ny fitsarana misahana ny ady ifanaovana amin'ny Fanjakana ao Antananarivo. “Inona no entin'ireo vokatra ireo, ny fitoniana sa ny

Leader du Consortium:

Membres du Consortium:





INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,
Leadership et Stabilité



krizy ? Iza no hikarakara ny fandaminana ny latsabato ampahany ? Raha jerena ny tahan'ny tsy fandraisana anjara, ahoana ny amin'ny maha ara-dalàna ny ben'ny tanàna vaovao ?” hoy ny mpanao gazety, ho fampieritreretana. Natao ny adihevitra tao amin'ny haino aman-jery mba handalinana ny fanontaniana mipetraka mikasika izany. Ho an'ny **RADIO PLUS**, ny fivoahan'ny vokatra dia mifanaraka tamin'ny fifaranan'ny fialan-tsasatry ny andrim-panjakana. Navoitry indray ny raharaha momba ny fanavaozana ny governemanta.

FOTOTRY NY DISADISA

HETSIKA FAHALEMANA : FAHAFATESAN'NY MIARAMILA SY ADIHEVITRA

Ny tompon'andraiki-panjakana, ny tompon'andraikitra ao amin'ny zandarimariam-pirenena ary koa ny miaramila dia nanome voninahitra farany ny kapiteny Rafalihery Andriantiana, kaomandin'ny Borigadin'ny Zandarimaria ao Betroka, voatitifry ny dahalo. Nisy ny fanalam-baraka ny mpitandro filaminana sy/na fiampangana bevava ny dahalo. Ireo haino aman-jery dia tsy nitsahatra niresaka io fototry ny disadisa io. Ho an'ny haino aman-jery eto an-drenivohitra, ny mpanao gazety tao amin'ny fandaharana andraisam-pitenenana **Demokrasia Mivantana** ao amin'ny **Radio PLUS** dia tsy nitsahaniampanga ny asan-dahalo ary nilaza fa « *tsy misy faritra ho an'ny dahalo, izay lazaiko koa hoe mpampihorohoro. Ny fomba tsara indrindra iadiana amin'ny asan-jiolahy dia ny fanehoana fihenjanana ary tsy mandefitra mihitsy amin'ny fandikan-dalàna* », hoy izy. Izay hany haino aman-jery nanohana ny famaizana mikasika ny hetsika fampandrian-tany tany Atsimo tamin'ny fanohanana tanteraka ny fanambaran'ny tompon'andraikitra ao amin'ny minisiteran'ny Fiarovam-pirenena. Ny haino aman-jery hafa kosa dia naneho ny tsy fahafaliany tamin'ny zavatra nataon'ny mpitandro ny filaminana ka nilaza fa « *tsy misy zavatra mandeha intsony, tsy voafehin'ny Fanjakana intsony ny zava-mitranga !* », hoy ny **Radio ANTSIVA**. « Famonoana faobe » (vono moka), ny haino aman-jery dia niandany tamin'ny fiampangana'ny mpiaro ny zon'olombelona ary tsy nandray afa-tsy ny tsy fankasitrahana toy ny fanambarana nataon'i Célestin Tsiavaliky, ao amin'ny vondrona politika apostoly 12, izay nilaza fa io hetsika io dia tsy mamaly velively ny satan'ny fampihavanam-pirenena. **VIVA** ihany koa dia naneho fiandiana tamin'ny famelomany ny disadisa. « *Ny miaramila indray no lasa mahatahotra kokoa ny mponina noho ny dahalo* » hoy ity haino aman-jery ity. Manoloana izany tsikera maro izany, **FREE FM** dia manahy ny hisian'ny fahadisoam-panantenan'ny miaramila ary matahotra ny fiharatsian'ny toe-draharaha, ka mety ho tonga any amin'ny fanonganam-panjakana ataon'ny miaramila toy ny niseho tany Burkina Faso.

Ny haino aman-jery **TV PLUS** sy **KOLO TV**, dia niditra lalina kokoa tamin'ny fanadihadiana. Ity voalohany dia nanatanteraka horonan-tsary fanadihadiana mikasika ny dahalo any atsimon'ny Nosy, ity faharoa kosa, tao amin'ny fandaharana iadian-kevitra **Mikolo Hevitra**, dia nanasa mpanao politika mba hiady hevitra mahakasika io resaka io. Nihevitra avokoa izy ireo fa ilaina ny fikaonan-dohan'ny manampahefana miaraka amin'ny vondron'olona ifotony na fokonolona mba hanatsarana ny ady atao amin'ny tsy fandriampahalemana. Ny **TVM**, araka ny mahazatra azy, dia nifantoka tamin'ny lanonampanomezana mari-boninahitra ho an'ireo lavo tao amin'ny andia-miaramilan'i Betroka.

Tany amin'ny faritra, indrindra tao Toliary, ny **Radio SITENY** dia nitatitra ny fanafihan-dahalo tany amin'ny kaominin'Ankilivalo, distrikan'i Mahabo ary nilaza amin'ny antsipirian'ny nahafatesana mponina iray izay voatifitra, sy ny fangalarana omby 30 isa, zavatra sarobidy ary koa entana fampiasa andavanandro. Norobain'ny dahalo avokoa ny mpivarotra rehetra tao an-tanàna. Nihorohoro tanteraka ny mponina, satria na ny mpitandro ny filaminana aza tsy nandray ny andraikiny manoloana izany fandrahonana izany, araka ny voalazan'io radio io.

Leader du Consortium:

Membres du Consortium:





INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,
Leadership et Stabilité



FILAZA TSY MENDRIKA

NY FITSARANA MISAHANA NY ADY IFANAOVANA AMIN'NY FANJAKANA SY LALAO RAVALOMANANA, LASIBATRY NY FANEHOAN-KEVITRA

Ny fitsarana misahana ny ady ifanaovana amin'ny Fanjakana sy Fitantanam-bola (TAF) no lasibatry ny tsikera nanomboka tamin'ny famoahana ny vokatra ofisialin'ny fifidianana kaominaly. Ny haino aman-jery anehoan-kevitra sy ny kandida tsy lany, dia samy nitovy hevitra ka tsy afa-po tamin'ny voka-pifidianana. « *Ny fanapahan-kevitra ny TAF mikasika ny famerenana ny fifidianana any amin'ny kaominina sasantsasany dia noraisiny niaraka tamin'ny Fanjakana, izay mahita tombontsoa amin'izay paika arahina izany* », araka ny nolazain'i Soava Andriamarotafika, talen'ny famoahana ao amin'ny **VIVA**, ary izany dia tamin'ny tsy firaharahian'ny mpanolotra vaovao. Naneho hevitra mitovy amin'izany koa i Christine Razanamahasoa, kandida MAPAR tao Fianarantsoa tamin'ny antso antarihy. Mandrangitra tokoa ireo filaza manao hoe « *ireo fanapahan-kevitra ireo dia manaporofa fa ny TAF dia mpiray tsikombakomba amin'ny hosoka sy tsy fanarahan-dalàna amin'ny fifidianana* ». Lalatiana Rakotondrazafy kosa dia nitsikera avy hatrany ny fahalianan'ny mpifaninana aminy, ka miantso fandikan-dalàna « *Ndao handika lalàna manomboka anio, satria raha hijanona ao anatin'ny ara-dalàna isika, dia tsy hiaro antsika ny Fitsarana* ». Maro ireo haino aman-jery no namerina nandefa ireo teny tsy mendrika nolazainy ireo. Teraka ny teny feno fankahalana ary indrindra ny filaza manabanty vehivavy. « *Tsy nahita nolazaina i Lalao Ravalomanana nanoloana ireo mpanao gazety. Niharihary ny tsy naha teo ny vadiny izay mpitondra teniny. Raha tokony hanao valandresaka ho an'ny mpanao gazety izy mba hilazany ireo laharam-pahamehany, dia inoana marina fa tsy hisy izany fihaonana amin'ny mpanao gazety izany alohan'ny fiverenan'i Marc Ravalomanana* », araka ny nolazain'ny **VIVA** tao amin'ny fampahalalam-baovaony.

Responsables de l'Unité de Monitoring des Médias :

Tiaray RANDRIAMALALA: tiaray.randriamalala@eces.eu
Mirana RAZAFINDRAZAKA: mirana.razafindrazaka@eces.eu
Site web : www.incipals.eu

Leader du Consortium:

Membres du Consortium:

